

1 MAI : FETIN'NY ASA- FETIN'I MD JOSEFA MPIASA



Nitso-drano azy ireo Andriamanitra ka nanao taminy hoe: miteraha maro, mitomboa, mamehoa ny tany, ka mizakà azy; ary ... Hitan'Andriamanitra fa tsara izany....

Ao anatin'izao jobilin'i Md Josefa Mpiaron'ny Eglisy Eran-tany izao, izany hoe izao tontolo izao ary miatrika izao ady mafy izao dia ity KORONTANAVIRUS ity no mankalaza an'i Md Josefa Mpiasa isika. Aoka ho ao an-tsaintsika ireo toetr'i Md Josefa izay tian'i Papa hianarantsika ka hahatonga antsika ho Baba, Ho Ray, ho Ray aman-dreny tahaka an'i Md Josefa dia tsy inona fa i Md Josefa ilay lehilahy Marina ka nomen'Andriamanitra ho vadin'i Masina Maria ho Ray

Vakiteny I : Jen 1, 26-31; 2, 1-3
Salamo

Vakiteny II : Kol 3, 14-15; 17.23-24
Evanjely : Mt 13, 54-58

Mpitaiza an'i Jesoa. Mila izany tokoa izao androntsika izao. Mila olona marina. Mila raim-pianakaviana marina ny fianakaviana miatrika izao KORONTANAVIRUS izao, manambara

ny marina, tsy mivadibadika fa tokam-pilana. Enga anie ny ray aman-dreny rehetra ho « marina » tokoa ka hahatonga ny fianakaviana, « eglizy kely » mifampitsimbina, mifanasoa mikatsaka ny soa iombonana miara-manorina ny FRATELLI TUTTT = OLO ARAIKY ISIKA JIABY.

Noho i Md Josefa lehilahy marina dia azo lazaina fa tena mpanompo tsy mivadika azo tokisana ary malina sy mitandrina. Vanim-potoana sarotra no niainan'i Md Josefa. Fantatsika ny nanjo azy, tsy maintsy mandeha an'i Betelhema misoratra anarana ary tany no teraka i Jesoa. Tsy nisy nandray azy. Mafy ny miatrika izany. Karaha izany koa no niseho rehefa ho vonoina ny zaza rehetra. Voatery nandositra, nitsoa-ponenana hiaro ny fianakaviana masina tany Ejipta. Mila Ray aman-dreny mifankatia tsy mivadika ary vonona hanompo hahafoy ho an'ny fianakaviana ny fianakaviana.

Noho izany fahafoizana izany dia niasa mafy namelona ny fianakaviana masina izy. Eny fa hatramin'ny anarany avy no nafoiny ho an'i Jesoa ka ny fiantsoana an'i Jesoa dia ilay Mpandrafitra na ilay Zanaky ny Mpandrafitra.

Tena azo lazaina fa modely ho antsika tokoa i Md Josefa fa indrindra amin'ny resaka asa.

Tsy ozona ny asa vokatry ny fotoana araka ny eritrerity ny maro. Sanatria izany. Tena vokasion'ny olona hatramin'ny voalohany ny asa. Noharian'Andriamanitra hiasa isika. Nohariana isika olombelona mba hiasa sy hikolokolo ary hiambina sy hiaro ny tranobe iombonana hatramin'ny voalohany. Io no dikina hoe « manjakà ny tany ». Fa ny fahotana no nanimba io vokasiontsika io. Simba ny fifandraisana ka nanjary fanjakazakana, nanjary henjana ka samy naratra sy potika na ny tany tranobe iombonana na isika nirahina hiambina. Mila miverina amin'ny vôkasiontsika isika ary izay no nahatonga olombelona ny zanak'Andriamanitra. Azo lazaina fa i Md Josefa no nisantatra azy. Taty aoriana tamin'ny taonjato faha-20 vao tena nazava arapinoana io hasin'ny asa io na dia efa mipetraka mazava ao amin'ny Soratra masina sy amin'ny fampianaran'ny Eglizy. Taorian'ny Konsily fa indrindra rehefa nipetraka mazava ny Eglizy mizara hafaliana sy fahoriania amin'ny olombelona dia noraisina ho fety fankalazana an'i Md Josefa Mpiasa ny 1^{er} mai izay efa niombonan'ny mpiasa eran-tany tamin'ny taonjato faha-19. Tian'ny Eglizy horaisina ho modely i Md Josefa izay nivelona ilay vôkasiona hatramin'ny voalohany mikasilka ny asa dia tsy inona fa hanasoavana sy hikatsahana ny soa iombonana. Io ihany koa no iraka apetrak'Andriamanitra amin'ny mpiasa rehetra ho Mpambina, ho Mpiaro sy Mpikolokolo ny Tranobe iombonana. Io

asa io ihany koa no lalana entina manorina ny FRATELLI TUTTI = OLO ARAIKY ISIKA JIABY. Tsy tanteraka, tsy possible ny fivelomana an'io vôkasiona io raha tsy misy fahafoizana sy fanompoana ampianaran'i Md Josefa. Ary izy koa mivavaka mba ho tanteraka io hiakan'i Papa io. Ny vita batemy rehetra dia irahina hivelona izany. Izany no maha EOV MISIONERA VITA BATEMY KA RAHINA ANTSIKA HO TABERNAKLA VELONA.

Aza gaga isika raha tsy mazava amin'ny olona izany vokasiona izany. Henontsika izay voalaza ao amin'ny Evanjely ary tafintohina taminy izy ireo; fa hoy Jesoa taminy: "*Eo amin'ny tany onenany sy eo amin'ny ankohonany ihany no tsy mba voahaja ny mpaminany*". I Md Paoly ao amin'ny vakiteny voalohany na dia tsy mikatsaka fahoriania aza isika dia fomba iray hiombona tanteraka amin'ny hafa ny fahoriania : "*Ary ankehitriny dia mifaly amin'ny fiaretako fahoriania ho anareo aho, fa mameno ao amin'nynofoko izay tsy ampy amin'ny fahorian'ny Kristy ho an'ny tenany, dia ny Eglisy*". Mila izany koa izao zava-mitranga iainantsika izao. Md Josefa anie hanampy antsika.

Ry Jesoa Tompo arotsahy aminay ny andon'ny fahasoavanao sy ny herin'ny Fanahy Masina izay niasa tao amin'i Md Josefa mba hanova ny fonay ka hahatonga saina anay fa tsy misy lalana hafa ankoatry ny fahafoizana sy fanompoana hoentina manorina ny ETA dia ilay fianakaviamben'Andriamanitra, ilay fianakavian-janahary, ilay maha Olo Araiky izahay Jiaby, ilay maha-Fratelli tutti anay. Tanteraka izany amin'izao Eokaristia ankalazanay izao ka enga anie haninteraka ny fiainana, hahaizana mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro ka hahatonga anay ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA MANORINA ETA. Amen